



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-132

FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLAM-PANDAHARAM-  
POTOANAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA, MANOMBOKA NY ALAROBIA 2 JONA 2021  
HATRAMIN'NY ALAKAMISY 17 JONA 2021 NOVOLAVOLAINA TANY AMIN'NY DINIKY NY FILOHA

Fivoriana Faha-12  
Natao ny  
Alakamisy 3 Jona 2021  
- Tolak'andro -

## FIVORIAMBE

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** Ramatoa NAHARIMAMY Irmah Lucien

**FOTOANA:** Alakamisy 3 Jona 2021, tamin'ny 3 ora sy 25 minitra, tolak'andro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena, manomboka ny Alarobia 2 Jona 2021 hatramin'ny Alakamisy 17 Jona 2021, novolavolaina tany amin'ny Diniky ny Filoha.

Nivory ny Alakamisy 3 Jona 2021, tamin'ny 3 ora sy 25 minitra, tolak'andro, ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Marihana fa natao tamin'ny alalan'ny fivoriana ampitain-davitra hatrany ity fivoriana ity.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha, niangavy ny Mpitantsoratra mba hamaky ny famintinana ny fivoriana nataon'ny Diniky ny Filoha, natao ny Alakamisy 3 Jona 2021.

Nanatanteraka izany, Ramatoa NAHARIMAMY Irmah Lucien, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena avy amin'ny Faritanin'i Toamasina, ka toy izao no fivakin'izany:

Nivory ny Alakamisy 3 Jona 2021 nanomboka tamin'ny 10 ora sy 30 minitra, maraina, ny Diniky ny Filoha.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny Diniky ny Filoha tonga nanatrika ny fivoriana;

Andriamatoa sy Ramatoa isany:

- 1 -RAZANAMAHASOA Christine Harijaona
- 2 -ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina
- 3 -ANDRIAMBELOSOA Heriniaina
- 4 -FIAROVANA Lovanirina Celestin
- 5 -MASY GOULAMALY
- 6 -MILAVONJY Andriasy Philobert
- 7 -MOHAMAD Ahmad
- 8 -NAHARIMAMY Lucien Irmah
- 9 -NAKANY Charly Zafimagnely
- 10 -RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina
- 11 -RAHANTANIRINA Lalao
- 12 -RAHELIHANTA Jocelyne
- 13 -RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth
- 14 -RANDRIAMANAMPISOA Alfred

- 15 -RANDRIANARIVELO Justin Abel
- 16 -RANDRIANASOLO Jean Nicolas
- 17 -RAZAFINDRAVONY Marifidy Christine
- 18 -RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa
- 19 -TSARADIA Marco
- 20 -VELONTSARA Paul Bert
- 21 -BAOFENO Micheline

Marihana fa miisa 21 ny Solombavambahoaka nanatrika ny Diniky ny Filoha ary Ramatoa YAMICOLE Franckline no solotenan'ny Governemanta nanatrika ny fivoriana.

Taorian'izay, novakiana ny volavolam-pandaharam-potoana tapaky ny Birao Maharitra tamin'ny fivorian'izy ireo ny Alarobia 2 Jona 2021 tamin'ny 10 ora, maraina.

Niroso tamin'ny adihevitra, nandritra izany; no nitondran-dRamatoa Filoha fanazavana mikasika ny fandaminana tapaky ny Birao Maharitra amin'ny fitantanana ny fotoana mandritra ireo tatitra izay ataon'ny Minisitera tsirairay avy.

Nomarihany, fa handrefy ny asa vitan'ny Minisitera tsirairay avy tamin'ny taona lasa no hataontsika amin'izany, hoy izy, fa tsy hanao torapo na "séance de doléances".

Toy izao ny fandaminana amin'izany:

- 1- Ireo Minisitera dia mivondrona ho 2 na 3 isaky ny fivoriana,
- 2- Ny Minisitra tsirairay dia manana 30 minitra avy mba hanolorany ny asa vitany nandrintra ny taona 2020.

Noho izany, raha Minisitra roa dia manana 60 minitra ary raha Ministra telo kosa dia manana 90 minitra. Izany hoe: 30 minitra x 2= 60 minitra, na 30 minitra x3 manome 90 minitra.

- 3- Ny Filoha na ny Mpampakatenin'ny Vaomiera Maharitra izay voakasika dia manana 5 minitra.
- 4- Fanamarihana:
  - Vondrona Parlemantera TIM dia manana 15 minitra
  - Vondrona Parlemantera GPR dia manana 15 minitra
  - Vondrona Parlemantera IRD dia manana 20 minitra
  - Avy amin'ireo Solombavambahoaka izay tsy voasoratra anarana dia manana 10 minitra.

Marihana, fa afaka mifandamina ny Vondrona Parlemantera tsirairay avy amin'ireo isan'ny Solombavambahoaka hisolotena azy avy isaky ny Minisitera saingy tsy afaka mihoatra ny fe-potoana natokana ho azy, izy ireo.

- 5- Ireo Minisitra tsirairay dia manana 25 minitra avy mba hamaliana ireo fanamarihana avy amin'ireo Solombavambahoaka. Izany hoe: 25 minitra x 2 Minisitra= 50 minitra, na 25 minitra x 3 Minisitra= 75 minitra.

Ny faharetan'ny fotoam-pivoriana tsirairay dia adiny telo sy folo minitra na (3 ora sy 10 minitra) raha Minisitera roa, adiny efatra sy folo minitra na (4 ora sy 10 minitra) kosa raha Minisitera telo.

Taorian'ny fanazavana, nankatoavin'ny Diniky ny Filoha tamin'ny latsa-bato izany fomba fiasa izany.

Rehefa izany, nodinihana ny ho firafitry ny volavolam-pandaharam-potoana manomboka ny Alakamisy 3 Jona hatramin'ny Alakamisy 17 Jona 2021. Niangavy ny Minisitera tsirairay avy ny mpivory mba handefa roa andro mialoha farafahatarany ny tatitra an-tsoratra atỳ amin'ny Antenimierampirenena mba hahafahana mamaky sy mandinika izany.

Taorian'izay, niroso tamin'ny famakiana ny volavolam-pandaharam-potoana tapaka tao amin'ny Diniky ny Filoha ny mpivory izay hoentina eny anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Andriamatoa RANDRIAMAHAFANJARY Calvin, Tale Jeneralin'ny Antenimierampirenena no nanatontosa izany ka mivaky toy izao izany:

### **ORDRE DU JOUR**

Pour la période du **Mercredi 02 Juin 2021** au **Jeudi 17 Juin 2021**

#### **MERCREDI 02 JUIN 2021**

**10H 00**: Réunion des membres du Bureau Permanent. (VIRTUELLE)

#### **JEUDI 03 JUIN 2021**

**10H 00** : Conférence des Présidents - (VIRTUELLE)

**15H 00** : SEANCE PLENIERE – (VIRTUELLE)

**-Adoption de l'ordre du jour**

#### **LUNDI 07 JUIN 2021**

**09H 00** et **15H 00**: TRAVAUX DES COMMISSIONS - (VIRTUELLE)

- Commission de la Culture, du Patrimoine et de la Promotion Artistique  
(Saisie au fond)

- Commission de la Communication, Information et des Relations avec les Institutions  
(Saisie pour avis)

- Commission de l'Artisanat et du Tourisme (Saisie pour avis)

-Projet de Loi n°017/2020 du 18 novembre 2020 relative à la Politique Culturelle Nationale.

**MARDI 08 JUIN 2021**

**SEANCES PLENIERES - (VIRTUELLE)**

**RAPPORT D'EXECUTION DU PROGRAMME DU GOUVERNEMENT (Application des articles 101 et 102 de la Constitution)**

**10H 00** : -Primature  
-Ministère de l'Economie et des Finances

**15H 00** : -Ministère de l'Education Nationale  
-Ministère de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique  
-Ministère de l'Enseignement Technique et de la Formation Professionnelle

**MERCREDI 09 JUIN 2021**

**TRAVAUX DE COMMISSION - (VIRTUELLE)**

**09H 00**: -Commission des Ressources Stratégiques.

-PROPOSITION DE RESOLUTION n°001-2021/PR portant création d'une Commission d'enquête parlementaire sur le trafic d'or à Madagascar, présentée par le Député Mohamad Ahmad, élu à Fénérive-Est et consorts.

**SEANCES PLENIERES - (VIRTUELLE)**

**RAPPORT D'EXECUTION DU PROGRAMME DU GOUVERNEMENT (Application des articles 101 et 102 de la Constitution)**

**JEUDI 10 JUIN 2021**

**10H 00** : -Ministère de l'Intérieur et de Décentralisation  
-Ministère de la Justice

**15H 00** : -Ministère de la Défense Nationale  
-Ministère de la Sécurité Publique  
-Secrétariat d'Etat auprès du Ministère de la Défense Nationale, chargé de la Gendarmerie Nationale

**VENDREDI 11 JUIN 2021**

**09H 00** : -Ministère des Transports, du Tourisme et de la Météorologie  
-Ministère de l'Aménagement du Territoire et des Travaux Publics  
-Ministère des Mines et des Ressources Stratégiques

**15H 00** : -Ministère de l'industrie, du Commerce et de l'Artisanat  
-Ministère de l'Energie et des Hydrocarbures  
-Vice-Ministère chargé des Nouvelles villes et de l'Habitat auprès du Ministère de l'Aménagement du territoire et des Travaux Publics

**LUNDI 14 JUIN 2021**

**10H 00** : -Ministère de l'Agriculture, de l'Élevage et de la Pêche  
-Ministère de l'Environnement et de Développement Durable  
-Ministère de l'Eau, de l'Assainissement et de l'Hygiène

**15H 00** : -Ministère de la Santé Publique  
-Ministère de la Population, de la Protection Sociale et de la Promotion de la Femme  
-Ministère de la Jeunesse et des Sports

**MARDI 15 JUIN 2021**

**10H 00** : -Ministère des Affaires Etrangères  
-Ministère du Travail, de l'Emploi, de la Fonction Publique et des Lois Sociales

**15H 00** : -Ministère des Postes, des Télécommunications et du Développement Numériques  
-Ministère de la Communication et de la Culture

**SEANCES PLENIERES - (VIRTUELLE)**

**MERCREDI 16 JUIN 2021**

**10H 00** et **15H 00**: -Projet de Loi n°017/2020 du 18 novembre 2020 relatif à la Politique Culturelle Nationale.

**JEUDI 17 JUIN 2021**

**10H 00**: -PROPOSITION DE RESOLUTION n°001-2021/PR portant création d'une Commission d'enquête parlementaire sur le trafic d'or à Madagascar, présentée par le Député Mohamad Ahmad, élu à Fénérive-Est et consorts.

**17H 00**: **Réunion des membres du Bureau Permanent.** (VIRTUELLE)

Taorian'izay, nilaza Ramatoa Filoha, fa hiditra amin'ny fanitsiana na fanamarihana ny tatitry ny Diniky ny Filoha ny mpivory.

Tsy nisy nanana fanitsiana na fanamarihana mikasika ny tatitra ny Solombavambahoaka sy ny solotenan'ny Governemanta.

Rehefa tsy nisy nanan-kambara intsony ny mpivory dia niroso tamin'ny fandraisam-pitenenana momba ity volavalam-panan-daharam-potoana ity ny Solombavambahoaka.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, nanambara fa rehefa nohalefahan'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika aza ny famehana ara-pahasalamana, indrindra ny fanafoanana ny fihibohana isaky ny Asaboty sy ny Alahady nampiharina tamin'ny Faritra sasany sy ny fanokafana ny fifandraisan'ny Faritra; notsindriany fa notandreman-dRamatoa Filoha hatrany ny fitandroana ny fahasalaman'ny

Solombavambahoaka noho ity valan'aretina «coronavirus» ity satria mbola hatao amin'ny alalan'ny «visio conférence» hatrany ny fivoriana.

Nangataka izy, mba samy ho ara-potoana avokoa ny rehetra rehefa tonga ny fotoana hihaonana amin'ny Governemanta, mba hampirindra ny asa tokony hatao hampandrosoana ny firenena.

Nanentana ny Solombavambahoaka rehetra handany ity volavolam-pandaharam-potoana ity, ny tenany, teo ampamaranana ny teniny.

Rehefa nomena fitenenana, Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, nilaza fa manana ny hasiny sy ny hajany ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera eto amin'ny amin'ny Antenimierampirenena. Noho izany, tokony hapetraka ny lanjan'izy ireo rehefa misy ny Diniky ny Filoha amin'ny fifampidinihana atao eto amin'ny Antenimierampirenena.

Teo ampamaranana ny teniny, nanentana ny Solombavambahoka rehetra izy handany ity volavolam-pandaharam-potoana noliana tany amin'ny Diniky Filoha ity.

Nametraka fanontaniana mikasika ny fotoam-pandraisam-pitenenan'ny Filohan'ny Vaomiera izay maharitra dimy minitra, no nataon'Andriamatoa ANDRIAMBELOSOA Heriniaina rehefa nomena fitenenana. Samy manana dimy minitra avokoa ve izy ireo rehefa mandray fitenenana sa afaka mihoatra izany, satria mety ho vaomiera samihafa no misy azy atao amin'ny Antenimierampirenena.

Namaly Ramatoa Filoha, fa dimy minitra isaky ny fandraisam-pitenenana no ananan'izy ireo, mandritra ny fihaonana amin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta, araka ny fandaminana natao tamin'ny fivorian'ny Diniky ny Filoha.

Ramatoa YAMICOLE Franckline, solotenan'ny Governemanta; kosa raha nomena fitenenana dia nampita ny fangatahan'ny Minisiteran'ny Fitsarana momba ny hampidirana ny fandinihana ny volavolan-dalàna laharana faha-005/2021, tamin'ny 12 Mey 2021 "autorisant la ratification de l'adhésion de Madagascar au protocole d'accord sur l'extradition de la communauté de développement de l'Afrique Australe SADC et à ses deux amendements en date du 2017 et 2019 "sy ny volavolan-dalàna laharana faha-006/2021 tamin'ny 12 Mey 2021 «autorisant l'adhésion de Madagascar au protocole d'accord sur l'enquête judiciaire en matière pénale et à ses deux amendements en date du 2017 et 2019» amin'ity fotoam-pivoriana ara-potoana voalohany ity.

Mikasika ny fangatahana nataon'ny Minisiteran'ny Fitsarana, namaly Ramatoa Filoha, fa hodinihana amin'ny fotoam-pivorianan'ny Birao Maharitra amin'ny 17 Jona 2021 ho avy izao ny momba izany.

Taorian'izany, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolam-pandaharam-potoana ny mpivory.

Nanambara Ramatoa Filoha, fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'ny fandaniahana ity volavolan-pandaharam-potoana ity.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoka miisa 41 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Alarobia 2 Jona 2021 ka hatramin'ny Alakamisy 17 Jona 2021.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha dia ny fisian'ny asam-baomiera handinihana ny volavolan-dalàna laharana faha-017/2021 tamin'ny 18 Novambra 2021 mikasika ny Politikam-pirenena momba ny Kolotsaina, izay hataon'ny Alatsinainy 7 Jona amin'ny 9 ora, maraina sy amin'ny 3 ora, tolak'andro.

Raha nomena fitenenana ny solotenan'ny Governemanta taorian'ny fahalanian'ny fandaharam-potoana dia tsy nanan-kambara intsony, fa fisaorana ny Antenimierampirenena no nataony.

Fanentanana ny Solombavambahoaka hanatrika ny fivoriana tanterahana amin'ny alalan'ny «visio conférence» hatrany no nataon-dRamatoa Filoha, talohan'ny hiatoan'ny fivoriana.

Niato tamin'ny 4 ora, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harjaona